


Nanokatra tolotra vaovao ny StarTimes Madagasikara amin’ny alalan’ny fividianana fitaovana toy ny fahitalavitra, "décodeur antsoina" hoe *« StarTimes GO »*. Tsy voatery mandalo eny amin’ny toera-pivarotana intsony ny mpanjifa fa azo atao avy hatrany ny mividy tolotra amin’ny alalan’ity *« StarTimes GO »* ity.

Karazan’irony fivarotana entana « en ligne » ireny ihany izy ity, saingy ny tolotra amidy dia ho hita ao amin’ny chaine ny *« StarTimes Novela F »* sy amin’ny fahitalavitra misy eto an-toerana. Mampiavaka azy dia aterina any amin’ilay olona mila ilay tolotra ny entana, ary amin’ny vidiny ambany kokoa noho ireo hita eny amin’ny toeram-pivarotana.




Amin’izao fanombohana izao, dia ireo izay mividy ny fahitalavitra na décodeur dia mahazo maimaimpoana avy hatrany ny fomba afahana manao fangatahana ny entana atao hoe streaming *« StarTimes ON »*, ary afaka miantso avy hatrany ny laharana 020 22 202 75. Araka ny fanazavana nomen’ny Ramatoa Joyce ZAFERA, Tomponandraikitra ny Serasera, dia

maro ireo entana izay tafiditra azo anaovana fangatahana *« en ligne »*, ankoatra ny fahitalavitra sy *"décodeur"*. Anisan'izany, ohatra, ny kiraro, ny poketra sy ireo entana samihafa.

Ho an'ny mpitia baolina kitra kosa dia nahazo ny fahazahoan-dàlana handefa ny lalao rehetra amin'ny *« Laliga Santander »* ny StarTimes. Lalao any Espagne izy ireo ary haharitra hatramin'ny 2024 ny handefasana azy ireo mivantana eto Madagasikara.
Ny 12 septambra 2020 no hanomboka ho hita amin'ny StarTimes ireo lalao ireo ary hisy isakin'ny herinandro.Marihina fa hisy amin'ny teny frantsay ny fitantarana io *« Laliga Santander »* io.

**Andry Rakotonirainy**